

Ny fahizian'ny fiteny (Lingva identeco de Kossi)

Ny fitadiavana ny fahiziana dia mazàna mahatonga ny fiteny ho iray amin'ireo fototry ny maha-izy azy indrindra, manamarina ny fampiasana ny teny hoe "fahizian'ny fiteny". Ny fahizian'ny fiteny dia ambonin'ny fiteny fototra izay iraisan'ny olona rehetra amin'ny fiaraha-monina na sivilizasiona iray.

Saingy ny fanontaniana nipoitra hatry ny ela tamin'ny alàlan'ny boky lafo vidy indrindra, ny resadresaka tamin'ny haino aman-jery ary na dia eo amin'ny fiainantsika andavanandro aza, moa ve ny fiteny no manamarika ny mahaizy azy ny vahoaka?

Manana anjara asa mahaizy azy ve ny fiteny? Manana rohy mivantana amin'ny fahiziana ny fiteny. Mazava fa ilaina ny fiteny amin'ny fananganana ny fahiziana iombonana. Miantoka ny firaisankina ara-tsosialy eo amin'ny fiarahamonina ny fiteny.

Mahatonga antsika ho tompon'andraikitra ny lasa, mahatonga antsika ho hifamatotra amin'izany ny fiteny. Mahatonga ny fahizian'ny olona izy. Azo ho azy ny fiteny ary ampianarina amin'ny fomba ofisialy ihany koa. Saro-pady sy avy amin'ny olona ny fiteny, toy ny olona iray mijaly amin'ny tsy fitoviana rehefa mifandray amin'ny hafa. Tsy mitovy amin'ny fahizian'ny teny amin'ny esperanto ny fomba hilazana ny fahizian'ny fiteny amin'ny teny frantsay.

Azo ho azy ny fiteny ary ampianarina amin'ny fomba ofisialy. Mifandona amin'ny teny vahiny ve ny fahizian'ny fiteny Afrikana indrindra indrindra? voalohany, mamela antsika hahafantatra ny sivilizasiona hafa sy ny fifanakalozan-kevitra amin'ny olon-kafa ny fianarana teny vahiny ankoatry ny tenin-dreny

Fanerena na tsy maintsy foana ny fiteny vahiny, noho izany dia manohina ny riban-teny. Noho izany, laharam-pahamehana ny fampielezana ny fiteny isam-poko.

Eo am-bavan'ny rehetra ny tsy fandrosoan'i Afrika. Mifamatotra amin'ny anton-javatra maro izany, saingy mitaky fahafaha-manao bebe kokoa ny fanamafisana ny tenim-pirenena ho laharam-pahamehana, araka ny hevitrany. Ny ohatr'i Sékou Touré tamin'ny 1968 dia nitranga tao anatin'ny enina ambin'ny folo taona manaraka: Tany amin'ny sekoly ambaratonga fototra dia tsy maintsy nianatra tamin'ny fiteny teo an-toerana ny mpianatra Gineana, fa taranja ianarana tao amin'ny kilasy fahatelo ao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa kosa ny teny Frantsay. Taorian'izay, nampianarina tamin'ny teny frantsay ny taranja rehetra, ary tsy maintsy nianarana ny fiteny teo an-toerana. Zava-dehibe teo amin'ny fianarana ambaratonga ambony ny famoronana ny seha-pianarana ny fiteny eo an-toerana.

Amin'ny farany, mandritra ny androm-piainana no ahazoana ny fahiziana vaovao sy fiteny vaovao na fiteny samihafa. Mahaso antsika mpianatra ny fahaizana fiteny maro samihafa miaraka amin'ny fanampian'ny mpampianatra any an-tsekoly. Ilaina amin'ny fivoarantsika ny fiparitahan'ny fitenintsika afrikanina ary ny fianarana fiteny hafa koa dia manampy antsika hifandray amin'ny fiteny sy fifandraisana ara-tsosialy.

Nosoratan'i Mélonékou Kossi A. Laurent

Nadikan'i Miora RAVELOHARISON